

Ayant goûter à l'ivresse du pouvoir grâce à Andry Rajoelina, Rolly Mercia n'a plus de maître que l'argent qui n'a vraiment pas d'odeur pour lui. TGV? MAPAR? HVM? Qu'importe, il est toujours ministre en ce mois d'avril 2018

**Izaho mpanoratra (ankavanana manao solomaso maintsy) miatrika minisitry ny Tetezamita roa izay notendren'ilay nolazain'ingahy Rolly Mercia fa *"gasy voatonga"* koa, toa ny nolazainy an'i Henry Rabary-Njaka**

Ny marina dia marina ihany tokoa. Tsy mampalahelo intsony ity ranamana ity fa tena mahay manono tena. Ary ilay hoe *«vendredi 13»*, izay voalaza fa andro mety hampidi-doza dia niatra taminy, satria tokoa na Andriamananitra aza tsy natahorany intsony tamin’izy be kalizy (be resaka) tao amin’ny radio Antsiva, ny Alakamisy 12 Avrily 2018 atoandro. Nanome bala hitifirana azy ihany izy ka asa indray ny fandrahonana ho avoakany mikasika ity lahatsoratra napetraka ho an’ny tribonalin’ny Tantara ity. Fa tsy afaka hilaza mihitsy aloha izy fa tsy izy no nahavita niteny ireo e ! Ary ny ampahany ihany no nadikako an-tsoratra eto ambany. Andao ary !



*« (…) Kolonely Lylyson* (Senatora voafidy avy amin'iny faritra Boeny iny)*, asaina miteny mihitsy hoe: avia rey olona anao ville morte et patati et patata. Izany hoe ampisy perturbation ny ordre public eto an-antampon-tanànan'Antananarivo eto. Nony voan'ny mandat d'arrêt angaha niteny ilay naniraka azy, ilay patron politikany angaha niteny. Tsy niteny ange e! Amin'ny maha mpilalao angaha nandritran'ny efa-taona izy niteny mihitsy. Mampilalao ny olony fotsiny dia izay olona voa ao dia voa ao, f'angaha izy miteny mihitsy. Izao amin' izay ohatran'izy indray no Messie avy any dia arebirebiny ny olona rehetra. Messie ahoana ianao? Angaha tsy tadidinao ny nataonao teto ? Samy fankaha…*
(notapahany tampoka ny teniny)
*ity anie tanàna kely e! Samy Malagasy anie isika e! Dia maninona no mandrebireby vahoaka ohatr'izany? »*

**Nametraka fanontaniana teto ny namana mpanao gazety Michel Ralibera mikasika ny ben'ny tananàn'i Mahajanga. Ireto ny valin-tenin'ingahy ministre coach…**

*« Izaho aloha tsy minisitry ny Ati-tany dia tsy aiko izay nilazan'izany hoe ho soloina PDS izany. Ny aiko aloha izaho indray minisitre coach-ny Boeny dia manaraka tsara ny zava-misy rehetra any Boeny any, any Mahajanga any. Dia ny aiko aloha, ary ananako mihitsy ny taratasy kopian'izany, nanao* (notapahany indray ny tenininy eto)… *ny lalàna dia milaza fa ny filan-kevitra monisipaly, iny izany no rafitra fara-tampony amin'ny fanapahan-kevitra amin'ny fitantànana ny kaominina anankiray. Ary ny maire no manatanteraka ireo fanapahan-kevitra ataon'ny conseillers municipaux. Izay no tenenin'ny lalàna. Ary anisan'ny fahefan'ny conseil municipal ny manao, araka ny voarafitry ny lalàna hoe: izao no atao rehefa heveriny fa misy zavatra tsy miady amin'ny fanatanterahana ilay izy, ataon'ilay maire.*

*Ny hitako dia nisy taratasy, voafaritry ny lalàna izany, fangataham-panazavana nataon'ireo majorité-ny conseillers municipaux ireo ho an'ilay maire. Taratasy fangatahim-panazavana hoe: ahoana ireto, ireto, ireto, ireto amin'ny fitantànana ny mairie, indrindra indrindra fitantànana ara-bola sy ara-pitaovana. Dia ahoana no nataonao an'izao izay tsy mifanaraka amin'ny lalàna. Manome ohatra aho: nahazo fanampiana don fiara ny commune urbaine Antananarivo, oadray, Mahajanga. Fiara SUV ireny, 4X4 kely ireny. Nataon'ny conseillers municipaux ny fanafiadiana; ohatra fotsiny, ny taratasy momban'ny assurance an'ilay fiara, amin'ny anaran'ny maire. Ahoana, 4X4 maoromaorona kely tsara nataon'ilay Ong don ho an'ny mairie, maninona no misoratra amin'ny anaran'ny maire dia entin'ny maire eran'ny tanàna? Lasan'ny maire izany ilay izy? Amin'ny lalàna aiza no misy milaza fa rehefa misy don omena an'ny mairie na omena an'ny minisiteran'ny Serasera dia entin'ny minisitry ny Serasera any dia ataony amin'ny anarany? Fanodikodinana fananam-panjakana izany. Iray fotsiny izay ohatra izay. Dia mandeha izany izay, araka ny lalàna, toa hoe rahampitso zoma no hanao* (tapaka kely koa teto ny teniny) *…*

*izay koa voafaritry ny lalàna, hanao ny… izay koa voafaritry, hanao ny AG extraordinaire ireo conseillers municipaux, hiaino izay ho valin-tenin'ilay maire eo ary hanapak'hevitra. Inona ny zavara voafatitry ny lalàna amin'ny fanapahan-keviny? Dia hoe: mampiàto ao anatin'ny iray volana, heu mandritra ny iray volana raha ohatra ka hitany fa mitombona ary tsy mitombona ny valin-tenin'ny maire, afaka mampiàto ny majorité-ny conseillers municipaux*
(Tff: municipal foana moa no noteneniny fa manimba maso raha atao conseillers municipals, tsy izany?)
*».*

**Michel Ralibera:** ***"mifanandrify amin'ilay raharaha tany Mahajanga tokony nahatongavan'Andriamatoa Andry Rajoelina izany rehetra rehetra izany?"***

*« Fa maninona? F'angaha nisy heloka natao angaha ilay maire tamin'iny fahatongavana tany iny? Ni-invité anie izy e! Fa ny fomba nanaovany azy no tsy nety, tsy nanaraka ny lalàna. Voalohany: mila autorisation vao manao manifestation sur la voie publique* (Ttf: ingahy Jaona Elite izany dia tena ambon'ny lalàna tokoa satria tsy nila izany autorisation izany izy taminy namory olona teny Ankaraobato ô? Aza fady: ay moa Hvm ingahy Elite).
*Faharoa: fanjakana ange izany mairie izany fa tsy fanjakana kely ao anaty fanjakana be e! Toa ny misy eto an-drenivohitra koa, toa ny mairie an'ity capitale ity ! Mieritreritra ny tenany ho fanjakana kely ao anaty fanjakana be. Volam-panjakana avokoa no miasa aminy mairie izany. Raisina toa volam-panjakana*
(teto izy dia nanomboka niboredika)
*. Ah, heu, n'inona moa izy ity, ny hetra rehetra rehetra rehefa mandoa hetra ny tsirairay dia miditra any amin'ny volam-panjakana. Raha mandoa haba-tsena koa ny, ny, ny ny ao amin'ny tsenan'i Mahajanga, dia miditra any amin'ny kitapom-bolan'ny meuh, meuh mairie izany fa ny fomba fitantànana dia mitovy amin'ny fomba fitantànam-bolam-panjakana*
(Ttf : izany an?).
*Volam-panjakana izany no tantànan'ilay mairie. Ka raha manao làlana izy, làlan-kely any Ambovalàna any na any amin'ny abattoir any, dia volam-panjakana*
(teto dia nisento mihitsy i ranamana, asa ny antony).
*Fa tsy hoe volam-panjakana no ampiasaina*
*dia i Andry Rajoelina… »*

**Michel Ralibera:** ***"Ka raha nanome vola Andriamatoa Andry Rajoelina ?"***

*« Na nanome vola ary!* (entitra be ny anareo teto)*. Manatrika… tsy mitokana. Mbola reste à avoir hoe nanome vola ve? Fa raha volam-panjakana no nanaovanao io dia ianao fanjakana no mitokana* azy (Tff: izany an? Aleoko tsy

manome ohatra hafa fa hiady amina olona very jery toa io ve e!?)
*. Fa tsy Andry Rajoelina no asainao mitokana azy. I Andry Rajoelina anie, ho an'izay tsy mihitratra tsara ny masony, simple citoyen izao e! OLO-TSOTRA. Tsy teto Madagasikara nandritra ny efa-taona, fa milaza ho Messie vao tonga vao aingana, gasy vao tonga*
(Ttf: I Henry Rabary-Njaka koa nolazainy fa gasy vao tonga, tao aminy radio Free FM - **ETO** -. Lala-kitasikoa ny an'ity ranamana ity e !)
*. Ka izany ange,izy izao e! Fa tsy hoe vao tonga avy any dia izao e, iry iry fa marina dia marina ihany. Izahay teto, nandritra ny efa-taona izay*
(Ttf: tena tranon-dainga mihitsy: Ny volana avrily 2017 izy vao niverina minisitra rehefa voadakan'i Omer Beriziky, mbola Praiminisitra tamin'ny taona 2014, taorian'ny fianianana fôpla tao Mahamasina iny. Efa-taona taiza? Sa tsy mahay manisa tampoka koa?)
*niasa, niatrika ny raharaham-pirenena sy izay rehetra rehetra mifandraika amin'izay. Ianao voky dia nipetraka tany Paris nandritra ny efa-taona, nihinana ny azo; dia tonga avy any amin'izay ianao, dia ianao indray no milaza an'ilay (teto izy toa tonga saina tampoka ka niova resaka)… nefa teto rovitra pataloha. Aoka hazava ity resaka ity »*.


Aoka tokoa hazava ity resaka ity ary raha mandalo ny teny ny soratra hitoetra. Fa efa novidiany lafo ireo kaliziny ireo, ny ampitso zoma 13 avrily 2018 ihany. Raha dinihina tsara ny fanambarany dia tsy misy fanafany intsony fa vita ny an'ingahy Ben'ny tanàna Moktar. Mbola tsy «voatsara» dia efa meloka «araka ny lalàna». Io foana mantsy no naverimberiny. Sady 11 amin'ireo conseillers miisa 19 koa anie no nangataka ilay AG extraordinaire fangatahana fanazavana e! Tonga dia masaka. Ary ny sabotsy dia tokony efa PDS no nitsena an'ingahy Filoha Hery nanokana ny fanavaozana ilay hotely be *"La Piscine"* amoron-dranomasina. Saingy namadika azy ny zava-nisy. Io angaha ilay hoe vendredi 13 ?

Ny marina dia tena nasehoan'Andriamanitra ny fisiany sy ny fahatezerany. Eny na dia Fitiavana azy Izy, manam-petra ny faharetany. Efa *«trop»* -hoy ny zatovo ankehitriny- loatra mantsy ny fafy lainga nataon'ity Rolly Mercia ity ary manomboka vidiany lafo ny vavabeny tsy am-piheverana fa mihevitra andriamanitra kely satria ministre coach. Ny olona any aza tsy misy tia azy. Izany ve tsy voahara-masony? Akorinao izay?

Fa izaho dia mampitandrina ny ao amin'io fitondrana Hvm io fa manomboka izao dia mailo ianareo amin'io Rolly Mercia io. Jereo tsara no ataony an'i Andry Rajoelina. Nefa efa tamin'ity farany nilatsaka kandida ben'ny tanànan'Antananarivo (2006) anie io Rolly io no nanara-body azy e! Dia io lazainy fa gasy voa tonga io anie no nanendry azy minisitry ny Serasera ny 21 marsa 2011 e! Fa izao moa lasa *«simple citoyen»* izy dia izao no atao ity mpanjakan'ny sakaizan'ny mpandresy miseho manaja ny lalàna ity.

Ny zava-misy aloha izao dia tsy mahavita azy mihitsy ity *ministre coach* izay tsy nahalala mihitsy fa misy antony ilay hoe: avadibadio im-pito ny lela vao miteny. Asa izao iza no tena mirehitra? Fa mino isika fa tsy hijanona eo akory ny *«loza»* satria izany henatra sy tahotra izany tsy ananany intsony na dia kely sisa ny fisian'ity fitondrana ity. Fa patsa be tsy omby ny vavany ny «naharesen»'ireo conseillers miisa 10 aminy 19. Nisy inona ry itony a?...

Farany: raha mbola manao resaka *«mpanongam-panjakana»* sy *«fanongam-panjakana»* ireo gazety sahaniny izay mitoraka voninkazo tsy ankijanona ho an'ilay filoha Hery dia hoy ny mpanao fanatanjahantena: jereo kely ny tabilao (io ambany io). Mazava sa mbola hahita ho soratana sy laizaina hatramin'ny farandro?


Politique

EXTRAIT

Liste des personnes sanctionnées

vendredi 19 mars 2010

Ci-après la liste des personnes sanctionnées par l'Union Africaine. Résolution complète du Conseil de Paix et de Sécurité en pièce jointe à la suite de cette liste.

6- Mme Lantosoa Razafimahaleo, Conseiller spécial
7- Mme Hantanirina Ramakavelo, Conseiller spécial
8- M. Harry Rolly Mercia Rahajason, Conseiller spécial
9- Lt. Col. Fidimalala Rafaliarison Rafaliarison, Aide de camp
10- Colonel Claude Razafimahatratra, Directeur de la Sécurité Présidentielle
12- Noelson William, Ministre de la Fonction Publique, du travail et des Lois sociales
13- Athanase Tongavelo, Ministre de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique
14- Irène Victoire Andréas, Ministre du tourisme et de l'artisanat
15- Colonel Claude Ravelomanana, Secrétaire d'Etat chargé de la Gendarmerie
16- Hery Rajaonarimampianina, Ministre des finances et du budget
17- Christine Razanamahasoa, , Ministre de la justice
18- Remy Sylvain Organès Rakotomihantarizaka, Ministre de la sécurité intérieure
19- Julien Razafimanazato, Ministre de l'Education Nationale

**Jeannot Ramambazafy – 15 Avrily 2018**

******************

La Gazette
de la Grande Ile
www.lagazette-madagascar.com La vérité imprimée



## Rolly Mercia: Resy tany Mahajanga

Publié le 14 avril 2018

"Niatrika fitsarana"! Izany no endrika ny fifanatrehan'ireo mpanolotsainan'ny tanàna ao andrenivohitr'i Mahajanga tamin'ny Ben'ny tanàna ao an-toerana, Andriatomanga Moktar omaly tao amin'ny lapan'ny tanàna tao andrenivohitr'i Boeny. Ny antony dia nisy fangataham-panazavana (démande d'explication) izay nahitana fanontaniana maromaro avy amin'ny Filankevitry ny tanàna ao Mahajanga, nasaina novalian'ny ben'ny tanàna, ka omaly no tokony namaliany azy ireo an-tsoratra, miaraka amin'ny famaliana sy fanomezana fanazavana am-bava koa.
Ny tanjon'ireo mpanolotsainan'ny tanàna tamin'izany dia ny hamatorana andraikitra ity ben'ny tanàna ka hirosoan'ireo mpanolotsainan'ny tanàna tamin'ny tsangan-tanana ho fampiatoana amin'ny asany amin'ny maha-ben'ny tanàna an'Andriatomanga Moktar.
Tetika maloto nokotrehin'ny fitondrana foibe io satria tsy zakan'ny vavonin'ny Hvm mihitsy ny mieritreritra ny hoe "olona tsy avy amin'ny Hvm no mitantana ny renivohi-paritany isan-tokony eto Madagasikara".
Ny tany Fianarantsoa moa dia tamin'ny alalan'ny paika maloto no nampandresena ny kandidan'ny Hvm ho ben'ny tanàna tao rehefa nisongadina ny fahazoan-dRazanamahasoa Christine ny ampaham-bato betsaka kokoa noho ny an'ny mpifaninana taminy, ary dia nivadika ny vokatra taorian'io paika maloto io ka ny kandidan'ny Hvm no lasa ben'ny tanàna. Ny teto Antanaarivo dia nibaribary ny ampaham-bato goavana nahazoan'ny mpifaninana tamin'ny kandidan'ny HVm ny fandresena. Lasan'ny kandidan'ny Mapar koa ny fitantanana ny renovohitr'i Toamasina. Toraka izany ny tany Antsiranaa, saingy amin'izao fotoana dia nataon'ny fitondrana foibe Hvm antsojay sy fandrahonana mirivorivo ny ben'ny tanàna any andreniovohitr'Antsiranana ka voatery nanatevin-daharana ny Hvm.
Fa raha hiverina any Mahajanga isika dia omaly no nisehoan'izay karazam-pitsarana ny ben'ny tanàna izay.
Nanantena mafy mihitsy ny fitondrana foibe fa ny maro an'isa amin'ireo mpanolotsainan'ny tanàna ao Mahajanga dia hiroso amin'ny fampiatoana amin'ny asany ny ben'ny tanàna Andriatomanga Moktar, rehefa nitondrana "malety goavana sady mavesatra".
Taorian'ny fanazavana nentin'ny ben'ny tanàna tamin'ireo fanontaniana napetraka ny mpanolotsaina'ny tanàna àry dia natao ny tsangan-tanana ka tsy naharesy tosika an'ireo tsy nankasitraka ny hampiatoana amin'ny asany an'i Moktar Andriatomanga ny saribakolin'ny Hvm na efa navesatra aoka izany aza ny fitonton'ilay "malety".
Ny vokany izany dia tsy nahomby ny tetiky ny fitondrana Hvm.
Teo ankilany moa dia karazan'ny nanome hery an'ireo mpanolotsainan'ny tanàna hijoro araka ny foto-kevitra maharesy lahatra azy ny fisian'ny vahoaka marobe tonga teo anoloan'ny lapan'ny tanàna, izay naneho ny fanohanany anr'Ingahy ben'ny tanàna.
Tetsy andaniny dia karazan'ny felaka tehamaina ho an'ny Hvm izay notarihin'ny minisitra ny Fifandraiasan Harry Laurent Rahajason na i Rolly Mercia izany tranga izany satria amin'ny maha-minisitra mpiahy an'i Boeny azy dia izy no tena "tompon'ny fanalahidy" hirosoan'ny Hvm amin'ny fametrahana Delegasiona manokana hitantana ny tanànan'i Mahajanga Renivohitra. Resy izany ry Rolly Mercia omaly, ary tsy iza no nampidaraboka azy fa ilay ben'ny tanàna nofokaina ho "safiotra salamo Malagasy", saingy notoavin'ny vahoakan'i Mahajanga satria olona nofidiany ary nahatsapan'ny mponina ao an-toerana ny fahombiazany hatreto.
Tsy voalohany nandoavan'ny mponin'i Mahajanga an-dry Rolly Mercia izao tranga omaly izao fa tamin'ny volana febroary, rehefa nizahozaho nitety faritra ny Hvm, ary tonga tany Mahajanga ny minisitra maro ao amin'ny governemanta, mba hifampirary soa tamin'ny vahoakan'i Mahajanga noho ny taona vaovao tamin'izay dia nihanjahanja tao amin'ny Kianja Mitafon'i Mahajanga ry Rolly Mercia sy ny namany satria ry zareo avy aty amin'ny foibe Hvm sy ny mpitondra fanjakana tonga tao aza no maro an'isa noho ireo vahoaka nentanina.
Raha ny lojika pôlitika dia tokony ho ampy hametrahan'i Rolly Mercia fialana amin'ny maha- ministra mpiahy an'i Boeny azy ireo tranga roa ireo, fa ambonin'izany dia henatr'olona angamba sisa no itafian'i Rolly Mercia lamba fa dia tena afa-baraka tanteraka. Tokony hanaja tena rehefa tsy mahomby dia miala e!
Anio sabotsy moa dia fantatra fa hitsidika an'i Mahajanga ny filohampirenena Rajaonarimampianina, ka hoy ny mpanara-maso hoe "tsy fain'ny tany Ambilobe tsy nahavory vahoaka ve Ingahy Filoha fa mbola handeha hijery ny fahavozana any Mahajanga ihany koa?"